

# Toriteny ho an'ny Sabatan'ny Fanahin'ny faminiana, taona 2017

“Ireo dingana lalovana hahatongavana amin'ny fahafantarana  
an'Andriamanitra”

Vakiteny ao amin'ny Soratra Masina: “Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesôsy Kristy , izay efa nirahinao” (Jao. 17:3).

## Fampidirana

Amin'ity taona 2017 ity no ankalazana ny faha-125 taonan'ny nanontana ny boky: *Dia ho eo amin'i Kristy*. Antenaiko fa nanana fahafahana namaky manontolo io boky io ianareo. Raha tsy izany dia manasa anareo aho hanokana fotoana ho amin'izany, alohan'ny faran'ity taona ity, hamerina hamaky izany indray “toy ny hoe vao sambany ianareo no hanao izany”. Olona an'arivony maro no nanjary nahafantatra an'i Jesôsy noho io boky io. Andeha hisaintsaina fitsipika vitsivitsy izay nindramina tao anatin'io boky io isika, eo am-pandinihana tantara iray ao amin'ny Baiboly.

Ity no fanamarihana voalohany azontsika atao androany: rehefa tsy ampy ny fahafantarana an'Andriamanitra dia mitranga ny tsy fahampian'ny finoana izay mifandraika amin'izany eo amin'ny fiainana. Toy izao no ilazan'ny Hos. 4:6 azy: “Ringana ny oloko noho ny tsi-fisian'ny fahalalana. Satria ianao efa nandà ny fahalalana, dia mba holaviko kosa tsy ho mpisoroko intsony.”

Ny ampahan-dahatsoratra nangalàna io andininy io ao amin'ny Baiboly, ny and. 4-10, dia hafatra mifono didim-pitsarana, tsy manohitra ny tsy

fahampian'ny fahalalana ihany fa indrindra koa ny fandavana izany fahalalana izany rehefa atolotra antsika izany.

Raha toa ianao ka nanontany tena ny amin'izay tian'ny Baiboly ambara rehefa miresaka momba ny “fahalalana” izy, dia hita mazava ao amin'ny andininy voalohany ao amin'io toko io ny hevitr'izany: “Mihainoa ny tenin'i Jehovah, ianareo Zanak'Isiraely! Fa Jehovah manana ady amin'ny mponina amin'ny tany, satria tsy misy fahamarinana, na fitiavana, na fahalalana an'Andriamanitra eo amin'ny tany.” Henjana izany fanamelohana izany ho an'ny vahoaka iray izay mitonona ho vahoakan'Andriamanitra! Kanefa dia toa mahita sary miverimberina isika ao amin'ny tantaran'ny Isiraely: ny tsy fahampiana fahalalana an'Andriamanitra. Andeha hojerentsika akaiky ny ampahany kely amin'ity zava-dalina ara-tantara ity: ny tantaran'ilay mpanjaka tanora Josoa, izay voalaza ao amin'ny 2 Tant. 34.

Manan-karena fampianarana izy io, izay afaka hanampy antsika amin'ny famakafakana ny zava-nitranga tamin'ny Isiraely, ary tsy izany ihany fa manampy antsika hahita ny fomba nanatanterahan'Andriamanitra ny drafiny hanomezana antsika tombontsoa vaovao indray hahazoana mibebaka.

Ezaho alaina sary an-tsaina ny firenena iray izay ankizy valo taona monja no filoha ao. Tsy azo inoana! Hoy angamba ianareo. Kanefa dia nitranga tamin'ny Isiraely izany nandritra ny fotoana voafaritra iray teo amin'ny tantarany. Ny tantara voalaza ao amin'ny 2 Tant. 31:1 dia manomboka amin'io mpanjaka tanora vao valo taona io.

Raha tomanana ety ivelany dia hita toa tsy tomombana ny lafiny ara-pitondrana; kanefa ampahany kely monja amin'ny zavatra goavam-be izany tazana izany. Mbola lehibe lavitra noho izany ny olana, indrindra rehefa jerena ny amin'ireo mpitondra talohan'io mpanjaka tanora io. “Roa ambin'ny folo taona Manase, fony izy vao nanjaka, ary dimy amby dimampolo taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary nanao izay ratsy eo imason'i Jehovah izy tahaka ny fahavetavetan'ny firenena izay noroahin'i Jehovah tsy ho eo anoloan'ny Zanak'Isiraely” (2Tant. 33:1,2).

Manase no raiben'ny mpanjaka Josoa. "Roa amby roapolo taona Amona, fony izy vao nanjaka, ary roa taona no nanjakany tany Jerosalema. Ary nanao izay ratsy eo imason'i Jehovah tahaka ny nataon'i Manase rainy ihany izy; fa ny sarin-javatra voasokitra rehetra nataon'i Manase rainy dia namonoan'i Amona zavatra hatao fanatitra ka notompoiny" (2Tant. 33:21,22).

Raha tombanana amin'ny lasany sy ireo nialoha azy i Josoa dia tsy nanana ohatra tsara halain-tahaka loatra izy. Raha ny marina dia nanomboka tao anatin'ny krizy tanteraka ny asany amin'ny maha-mpitondra azy.

Krizy ara-moraly izay nahahenika ny firenena manontolo no nahazo vahana teo amin'ny fanjakana.tsy hoe nivavaka tamin'ny andriamani-kafa fotsiny ihany ireo mpanjaka, fa ilay firenena iray manontolo mihitsy no tafalatsaka tanteraka tanaty fanompoan-tsampy. Manimba tsikelikely ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra ny fanompoan-tsampy, tahaka ny vy simban'ny harafesina. Nitotongana tsimoramora sy hatrany hatrany ny fitondran-tenan'ny Israelita rehefa nanaraka ny fomban'ny mpanompo sampy izy ireo.

Nihamaizina ny fisainany noho ny fanompoan-tsampy izay niely fatratra, ary saika voafafa tanteraka mihitsy ny fahalalany an'Andriamanitra. Nanomboka tamin'ny andron'i Hosea ka hatramin'ny andron'i Jeremia sy ilay mpaminanivavy Holda (irei dia mpaminany tamin'ny fotoana nanjakan'i Josoa), dia nampanjavozavo ny fahalalana an'Andriamanitra ny fanompoan-tsampy. Nanambara hafatra miantso ho amin'ny fibebahana ireo mpaminany ireo, ho an'ny mpanjaka sy ny vahoaka nentin'izy ireo, saingy tsy nahitana vokatra mazava ireo ezaka nataony.

Na dia ny tempoly aza dia nahitana taratra ny endriky ny fihemorana nahazo ity firenena ity amin'ny ankapobeny. Niharava izany (2Tant. 34:8). Natao rainazy ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra (and. 4). Tamin'ny andro nanjakan'ny mpanjaka Ezekia dia "....." araka ny lazain'i Ellen White (Mpaminany sy Mpanjaka p. 301). Niova ho ratsy kokoa ny toe-javatra tamin'ny andro nanjakan'i Manase. Hoy ihany i Ellen White hoe: "....." (323 p.2). Efa fahita na dia amin'izao androntsika izao aza ireo krizy telo ireo. Inona no nataon'i Josoa mba hamadihana ny toe-javatra? Ahoana no fomba niatrehan'i Josoa ireo krizy nitranga tamin'ilay firenena izay nentiny tamin'iofotoana io?

## **1.Ny soritr'aretina aloha no notsaboiny voalohany**

Araka ny ao amin'ny 2Tant. 34:3, “Fa tamin'ny taona fahavalo nanjakany, raha mbola zatovolahy izy, dia niantomboka nitady an'Andriamanitr'i Davida rainy; ary tamin'ny taona faharoa ambin'ny folo kosa dia niantomboka nanadio an'i Joda sy Jerosalema izy mba tsy hisy fitoerana avo, na Aseraha, na sarin-javatra voasokitra, na sarin-javatra anidina intsony.

Nanomboka tao Jerosalema ity “**iconoclasme**” avo lentaity, ka tonga hatrany amin'ny tanànan'i Manase, Efraïma, Simeona, sy Naftaly (and. 6). Nitondra fanavaozana ivelany ity io hetsika io; saingy mbola tsy mbola nahakasika ny fon'ny olona. Ilaina ny mamaha ireo olana ivelany izay fahotana hita maso sy fikomiana amin'Andriamanitra sy ny lalàny; saingy raha toa ka ireo “sampy” fotsiny ihany no potehintsika, dia mitovy amin'ny mitsabo soritr'aretina izany, ary mbola tsy tratrantsika ny ivon'ny olana.

Ireo soritr'aretina hita maso vokatry ny fihemorana anaty, dia ny fihemoran'ny fon'ny Israely, no noravan'ny mpanjaka Josoa voalohany. Fantatr'i Josoa fa tsy ampy izany mba hamerenana ny fon'ny vahoakany amin'Andriamanitra; noho izany dia niroso tamin'ny dingana manaraka izy.

## **2.Nanome didy hanamboarana ny tempoly i Josoa**

Ny dingana manaraka nirosoan'ilay mpanjaka tanora tamin'ny hetsika fanavaozana nataony dia ny didy hanamboarana ny tempoly. Noraisiny ho zava-dehibe ny famerenana amin'ny laoniny ny sary maneho ny fifandraisana ara-panahy nisy teo amin'ny Israely sy Andriamanitra. Tsy nijanona fotsiny tamin'izao izy raha nahita ny lapany tsara tarehy fatratra kanefa ny tranon'i Jehovah niha-rava. Mampametra-panontaniana ny haja natolony ho an'ny tempoly: manao ahoana no fikarakarantsika ny toerana izay ivavahantsika amin'Andriamanitra ankehitriny, dia ny fiangonan'Andriamanitra? Mbola ratsy noho ny tranonareo ve ny fiangonana misy anareo?

Kanefa na ny ezaka nataon'i Josoa nanamboarana ny tempoly aza, na dia tonga tsara tarehy toy inona aza izany, dia mbola tsy ampy ihany. Mbola hetsika ivelany iray hafa koa izany. Natao izay nanangonana vola betsaka, naka mpiasa mpanorina trano sy mpanao asa tanana mba ho fanavaozana ny tempoly (2Mpanj. 22:4-6). Na dia ratsy sy manjombona toy inona aza ny fiainam-panahin'ny vahoaka, dia mbola nisy azo antenaina ihany noho izany. Ohatra, tsy nila mpanamarina kajy tamin'ny fanisana ny vola, hoy ny voalaza ao amin'ny 2Mpanj. 22:7: "Kanefa tsy nampamoahina ny amin'ny vola natolotra teo an-tanany ireo, fa nahatoky izy." Na dia nanompo sampy aza ny vahoaka dia mbola tsy foana akory ny fanantenana: nisy olona nahatoky teo anivon'izy ireo, na dia tamin'ny zavatra bitika aza. Fampahatsiahivana mahery vaika ho antsika ankehitriny izany, fa na dia ao anatin'ny toe-javatra faran'izay ratsy aza, rehefa hita toa mandao an'Andriamanitra avokoa ny olon-drehetra, dia misy zavatra mandrakariva izay manavotra ny sisa, fototra azo anorenana indray.

Tamin'ny alalan'ny fitondrana ny vahoaka ho amin'ny fahalalana an'Andriamanitra no namahan'ny mpanjaka Josoa ireo olana hitan'ny masonry, ka nampiasainy izay zavatra teo am-pela-tanany: ny fahaizany mitarika sy ny fahefany. Nampiasainy izany fahaizana sy fahefana izany mba hanesorana ny sampy rehetra nisy teo amin'ny firenena. Kanefa hatramin'ny fotoana nahitana ny bokin'ny lalàna tao amin'ny tempoly, nandritra ny asa fanavaozana, dia tsy nanana na inona na inona izy mba hitarika azy ny amin'ireo lalàna sy fombafomba takian'Andriamanitra.

Hitan'Andriamanitra tokoa ny asa mahatoky nataon'ity mpitarika tanora ity, satria nisy tranga lehibe niseho izay nanova ny fizotry ny toe-javatra teo amin'ny firenena: indray andro, "Dia hoy Hilkia mpisoronabe" nihoraka tamim-pifaliana: 'Ny bokin'ny lalàna dia hitako tao an-tranon'i Jehovah!'" (and. 8). Tena zava-dehibe tokoa ny nahitana indray io boky io satria io no nanamarika ny fiantombohan'ny asa fanarenana ary ny fahalalana an'Andriamanitra sy ny drafiny hanasoa ny Israely. Noho izany dia niroso tamin'ny dingana manaraka tamin'io hetsika fanavaozana io ilay mpanjaka tanora.

Nifantoka tamin'ilay "tsy fahampian'ny fahalalana" teo amin'io firenena io Josoa

Araka ireo andininy novakiantsika momba ny tantaran'i Josoa, dia na ny mpanjaka aza toa tsy mba namaky io boky io. Rehefa hitan'i Hilikia ilay boky dia natolony an'i "Safana mpanoratra", izay nitondra izany tany amin'ny mpanjaka ka novakiany teo anatrehany tamin'ny feo mafy izany (and. 8-10). Misy sasany mihevitra fa ny bokin'ny Deotoronomia izany. Ireo manam-pahaizana hafa manokana momba ny Baiboly dia mihevitra fa raha ny tokony ho izy dia misy ny boky rehetra nosoratan'i Mosesy izany boky izany. Hoy i Ellen G. White: "....."MM p323parag 2. Toy izao no fihetsika nasetrin'ny mpanjaka izany, araka ny filazan'ny Baiboly: "Ary rehefa ren'ny mpanjaka ny teny tao amin'ilay bokin'ny lalàna, dia nandriatra ny fitafiany izy" (and. 11). Hoy ihany koa i Ellen G. White manazava: ".....MM p324 parag 2"

Tsy ho nanam-pahalalana tahaka izao ny mpanjaka raha novakivakiany fahatany io boky io. Fanahy naniry hahalala ny fahamarinana no nahita ireo teny mazava tao amin'ilay boky. Nilaza ny amin'ny fitsipika maro momba ny famakiana Baiboly i Ellen G. White, izay mitondra ho amin'ny fahalalana an'Andriamanitra; hisafidy vitsivitsy amin'izany isika mba hampisehoana ny fomba nanandratany ny Soratra Masina sy ny torolalana omeny ireo izay mikatsaka ny fahamarinana amin'ny fo madio. Manantena isika fa hanampy izany amin'ny fampiharana ny lesona avy amin'ny tantaran'i Josoa, eo amin'ny fiainantsika izay miaina amin'ny taonjato faha-21. Ireto misy fanontaniana anankiroa azontsika saintsainina eo am-pirosoantsika lalindalina kokoa ao anatin'ity fianarana ity: Fomba ahoana no ahazoantsika mahafantatra an'Andriamanitra amin'alalan'ny Teniny? Fomba ahoana no ahazoantsika mamela an'Andriamanitra hanavao antsika aminy alalan'ny Teniny?

a. Isika manokana no mila mianatra ny Tenin'Andriamanitra.

Tsy mba nihaino ny fanazavana nomen'ireo mpanompony na iza na iza ny mpanjaka Josoa. Olona nanam-pahaizana momba ny Tenin'Andriamanitra ireo; kanefa tsy afaka namaky teo anatrehan'ny mpanjaka izy ireo afa-tsy ny hoe: "Izao no lazain'i Jehovah Tompo." Koa satria tsy azo nampiasaina malalaka ny Soratra Masina tamin'ny andro nanjakan'i Josoa, dia nahatonga ny olona hiankina amin'ireo mpisoronabe izany, mikasika ny fanazavana ny Soratra Masina.

Mampitandrina antsika i Ellen G. White ao amin'ny bokiny: *Ny dia ho eo amin'i Kristy*, ny amin'ny fiankinana amin'ny fanazavana omen'ny olon-kafa momba ny Soratra Masina:

"Tsy tokony handray ny fanambaran'ny olona, na iza na iza, ny min'izaay ampianarin'ny Soratra Masina isika, fa ny tenantsika no tokony handinika ny tenin'Andriamanitra. Raha ny olon-kafa no avelantsika hihevitra ho antsika, dia ho mikolepaka ny hafanam-pontsika, ary ho botry na fahaizantsika. Ny herintsaina ambony dia tonga hetry, noho ny tsy fampiasana azy amin'ny zavatra mendrika hihandrinany, ka very ny fahaizany handray hevi-dalina ao amin'ny tenin'Andriamanitra. Mihamalalaka ny saina raha ampiasaina ka mampitaha ny soratra masina amin'ny soratra ary ny momba ny fanahy amin'ny fanahy". (*Ny dia ho eo amin'i Kristy*, p.80)

Ireo mpitandrina sy ireo mpianatra teolojia ankehitriny dia tokony hitsipaka ny fiheverana fa hoe izy ireo irery ihany no mahay manazava ny Soratra Masina.

b. Mila mandinika ny Soratra Masina amim-pitandremana fatratra isika

Hita ho nomen'ny mpanjaka Josoa lanjany lehibe tokoa ny teny tsirairay tao anatin'ny bokin'ny lalàna. Nanao fanamarihana toy izao i Ellen G. White:

“Rehefa atao an-kamehana ny famakiana ny Soratra Masina dia kely foana ny soa amin’izany. Angamba misy olona mahavaky ny Baiboly tapitra, nefa tsy mahita ny hatsaràny na mahalala ny heviny lalina sady miafina. Andininy anankiray dinihina ambara-pahazo tsara ny heviny, sy ambara-pahazava ny ikambanany amin’ny plan’ny famonjena dia mahaso, noho ny mamaky toko maro tsy misy antony voafetra kendrena, na fahalalana azo ho enti-manao ny tsara. Aza avela hisaraka aminao ny Baibolinao. Mamakia azy isaky ny fotoana kely ahafahanao. Mahazo mamaky andininy iray hianao, na dia mandeha eny an-dalambe, dia eritrereto izay ho tafalentika ao an-tsainao.(Ny dia ho eo amin’i Kristy p.81).....;”

Nihena tokoa ny famakiana ny Baiboly teo anivon’ireo mitonona ho kristianina; izany no valin’ny fanadihadiana maromaro nataon’ny vondrona mpikaroka iray antsoina hoe Barna, taona vitsivitsy lasa izay. Mila ianarantsika amim-pahatokiana ny Tenin’Andriamanitra ary ampiharintsika amin’ny fiainantsika andavanandro.

d. Ao anaty toe-tsaina vontom-bavaka no tokony hianarantsika ny Tenin’Andriamanitra

Omena antsika ny fahalalana an’Andriamanitra rehefa mikatsaka amin-kafanam-po isika mba hahatakatra ny tiana ambara. Eo am-panaovana izany dia tsy maintsy mandalina ny Soratra Masina ao anaty toe-tsaina vontom-bavaka isika. “Harem-pahalalana” no namaritan’i Ellen G. White ilay boky hita tamin’ny andron’i Josoa: “MM 327, parag 2.....”

Niaiky ilay mpanjaka fa tsy ampy ny mamaha ny olana ivelany fotsiny. Noho izany dia notarihany ho amin’ny fahalalana an’Andriamanitra ny vahoaka, tamin’ny alalan’ny fandinihana ilay boky vao hita teo. Nanao izay tratry ny heriny izy mba hifankazaran’ny vahokany amin’io boky hita indray io. Ny tanjony dia ny mba hamerenana ny olona amin’ny fifandraisana feno hafanam-po amin’ily Mpamorona azy ireo.



Tsy hahazo fahendrena isika, raha tsy mikendry fatratrar ny mandinika amim-pivavahana. Tsotra ny teny sasany ao amin'ny Soratra masina, ka mora azo, fa ny sasany kosa lalina, ka tsy mety ho azo avy hatrany. Tsy maintsy ampitahafina ny teny ao amin'ny Soratra Masina. Tsy maintsy misy fikarohana lalina sy fiheverana fatratra arahim-bavaka amin'ny anaovana izany. Hisy vokatsoa lehibe ny fandinihina toy izany. Toy ny mpamaky vato mahita tsoriam-batosoa raha lihady tany, no hahitan'izay mikaroka amim-paharetana ny Tenin'Andriamanitra, ho toy ny rakitra miafia, ka hahita ny fahamarinana ambony vidy indrindra, izay miafina eo imason'ny mpitady manao an-kambo. Ny tenin'ny Soratra Masina eritreretina ao am-po dia toy ny ony mivoaka avy ao amin'ny loharanon'aina (Ny dia ho eo amin'i Kristy p.81).....;”

Ny hery miasa mangina avy amin'io boky io teo amin'ny mpanjaka dia nampiseho fa namaky izany tamim-pandalinana sy tamim-pahalianana fatratra izy. Azontsika atao ny manatsoaka lesona avy amin'ny tantaran'i Josoa, izay mifandray kaiky amin'ireo fitsipika izay hitantsika ao amin'ny boky *Dia ho eo amin'i Kristy*.

Ny tantaran'ny mpanjaka Josoa dia mampianatra antsika voalohany indrindra ny maha-zava-dehibe ny fibebahana. Ny ao amin'ny 2Mpanj. 22:11 sy ny 2Tant. 34:19 dia samy milaza hoe: “Ary rehefa ren'ny mpanjaka ny tenin'ny lalàna, dia nandritra ny fitafiany izy”. Ny mandritra ny fitafiana dia nidika ho fisaonana. Araka izany dia naneho alahelo mafy ny mpanjaka manoloana ny fahotana. Io fihetsika io, amin'ny maha-fihetsika azy, dia tsy manome antoka ny fa tena misy fibebahana marina. Tamin'ny andron'ny pentekôsta, rehefa resy lahatra ny amin'ny fahotana ny vahoaka, dia nihoraka izy ireo hoe: “Inona no hataonay?” (Asa. 2:37). Hoy ny navalin'i Petera azy ireo: “Mibebaha” (na miova tanteraka, and. 38). Nampiany hoe : “Koa mibebaha ianareo, ka miverena (na miova tanteraka, ka miverena ilàlana) hamonoana ny fahotanareo” ao amin'ny Asa. 3:19.

Ny fibebahana dia tsy maintsy misy fahatsiarovana mangirifiry noho ny fahotana sy fahafoizana izany. Tsy afaka iala amin'ny fahotana isika, raha tsy mahita ny maha-fahotana azy, ary raha tsy efa miala tanteraka tsara amin'izany ao am-pontsika isila dia tsy hisy fiovana tanteraka amin'ny fiainantsika (Ny dia ho eo amin'i Kristy p.23).....”

Ao amin'ny toko nosoratany momba ny fibebahana, dia mitanisa ohatra maro i Ellen White momba ny karazana fibebahana izay tsy tena izy, sady tsy ara-Baiboly: niaiky ny maha-meloka azy i Balama rehefa hitany nanoloana azy ilay anjely nitana sabatra voatsaoka; “fa tsy nisy fibebaha, a marina akory tamin'izany; tsy nisy fiovana tamin'izay nokasainy hatao; tsy nisy fankahalana ny ratsy akory. (Ny dia ho eo amin'i Kristy p.23).....”

Jodasy koa dia efa mahana ny amin'izay ho vokatry ny famadihana hataony, kanefa dia tsy niaiky izy fa “namadika ilay Zanak'Andriamanitra tsy manan-tsiny ka nandà Ilay Masin'Israely” (Ny dia ho eo amin'i Kristy p.23).....”.

Mifanohitra amin'izany fihetsika izany, “ilay fivavahana nataon'i Davida taorianan'ny nahalavoany no anehoana ny alahelo marina noho ny fahotana. Tsotra sady vokatry ny fo ny fibebahany. Tao amin'ny fivavahany, tsy nanao izay hahafan-tsiny azy tamin'ny fahadisoany akory, na naniry handositra ny fitsarana mahatahotra. Hitan'i Davida ny halehiben'ny fandikany ny lalàna. Hitany ny halotoan'ny fanahiny ka dia nankahala ny fahotana izy. Tsy ny famelan-keloka ihany no nangatahiny, fa ny fahadiovam-po koa. Niriny ny hahazo fifaliana avy amin'ny fahamasinana, dia ho sitrana indray, ka hifanaraka sy hiray amin'Andriamanitra” (Ny dia ho eo amin'i Kristy p.23).....”

Toy izany koa ny fanandramana nolalovan'i Josoa, araka ny nanambaran'ny mpaminanivavy Holda azy. Kanefa tsy nionona fotsiny tamin'izao izy ka nanaram-po samirery tamin'izany fiadanana miaraka amin'Andriamanitra izany. Tiany raha ny firenena manontolo, ny ankohonana tsirairay sy ny olona tsirairay, no handalo izany fanandraman'ny fiovam-po izany ka hitombo amin'ny fahalalana an'Andriamanitra.

Tokony tsy ho tafandry mandry toy izany koa ny mpitondra ny fiangonan'Andriamanitra tsirairay, hitady izay hahasoa ireo mambra diso làlana sy mania eo anivon'ny vahoakan'Andriamanitra.

Isika dia mety handoka handoka tena koa, toy ilay Fariseo, ka hilaza fa marina ny fiainantsika, ara-dalàna tsy misy ho kianina ny toetsika ary dia mihevitra fa tsy misy antony ny hanentrentsika tena eo anatrehan'Andriamanitra, tahaka ny sarambaben'ny mpanota. Kanefa raha mamirapiratra ao amin'n fanahintsika ny fahazavan'i Kristy, dia ho hitantsika fa maloto isika, ho haintsika avahana ny fitiavan-tena amin'izay atao sy ny fankahalana an'Andriamanitra, izay mampisolitika ny asa rehetra amin'ny fiainana. Dia ho hitantsika fa ny fahamarinantsika dia sahala amin'ny voro-damba maloto ary ny ran'i Kristy ihany no mahay manadio antsika amin'ny pentin'ny ota ka manova ny fontsika hanahaka azy (Ny dia ho eo amin'i Kristy p.27).....”

Rehefa nanenina mafy ary avy eo niaiky ny fahotany ny mpanjaka dia naniry mafy ny ho akaiky kokoa an'Andriamanitra. Noravany ireo sampy; nasehon'ny Tenin'Andriamanitra taminy ny atao hoe ota; niaiky ny fahotany izy; ary izao izy dia niaiky fa: “Mafy ny fahatezeran'i Jehovah naidiny amintsika noho ny tsy nitandreman'ny razantsika ny tenin'i Jehovah araka izay rehetra voasoratra amin'io boky io” (2Tant. 34:21).

Neken'Andriamanitra io fiaikena nataon'ny mpanjaka io, ny amin'ny fahotan'ny tsirairay sy ny amin'ny fahotan'ny besinimaro koa. Kanefa ny fiaiken-keloka dia tokony miaraka amin'ny fibebahana marina sy ny fiovampianana. Na dia tsy asantsika aza izany dia mila manolo-tena tanteraka ho an'Andriamanitra isika sy manaiky ny ho fitaovana eo am-pelatanany, mba hanatanterahany fiovana azo ekena ao anatintsika.

Tsy heken'Andriamanitra na oviana na oviana ny fiaiken-keloka raha tsy arahin'ny fibebahana marina sy fihatsaran-toera. Tsy maintsy misy fiovana mazava tsara amin-ny toe-pianana ary tsy maintsy esorina izay rehetra mampalahelo an'Andriamanitra. Izany ny vokatry na alahelo marina noho ny ota (Ny dia ho eo amin'i Kristy p.26)

Fantatr'ny i Josoa ny tantaran'ny Fifindrana (Eksodosy). Fantany fa afaka manangana firenena hafa Andriamanitra ka hamela ny vahoakany ho levon'ny fikomiany. Tsapan'i Josoa ny andraikitra lehibe nananany manoloana ny vahoakan'Andriamanitra. Notanterahany ilay antsointsika hoe "andraikiny" teo anatrehan'Andriamanitra amin'ny maha-mpitarika azy; kanefa niasa izy mba tsy hisy olona ho very na iray aza. Tsapanao koa ve ny andraikitrao ankehitriny manoloana ny iray amin'ny fianakavianao, zanaka lahy, zanaka vavy, ray aman-dreny, rahavavy (anabavy) na rahalahy (anadahy), izay tsy mamaly ny antson'Andriamanitra ho amin'ny famonjena? Na koa manoloana namana iray na mpiara-miasa? Mety ho efa nanao izay azonao natao ianao; kanefa aza kivy! Tsy mba nisy nihevitra fa i Saoly avy any Tarsosy anie ka hibebaka indray andro any. Nanenjika fatratra ny olon'andriamanitra tamin'ny fomba mahery vaika izy. Kanefa niditra an-tsehatra Andriamanitra ka tanteraka tamin'i Saoly avy any Tarsosy ihany ny planiny nony farany, nanjary Apôstôsy Paoly izy taty aoriana.

Izay lazain'ny tenin'Andriamanitra ho tena fibebahana indrindra sy fanetren-tena marina dia mampiseho teo-panahy miaiky heloka izay tsy misy fialan-tsiny na fanamarinan-tena. Tsy nitady hiaro tena i Paoly fa asehony amin'ny tarehy mahamainty az indrindra ny fahotany sady tsy heveriny akory izay hilaza ny helony ho kely. Hoy izy : "Maro ny olona masina no nohidiako tao an-tranomaizina, rehefa nahazo fahefana tamin'ny lohan'ny mpisorona aho ary raha novonoina ireny, dia mba nandatsa-bato nanaiky izany koa aho. Ary nampijaly azy matetika tao amin'ny Synagoga rehetra aho, ka nanery azy hiteny ratsy ary satria very saina tamin'ny fahatezerako taminy aho, dia nanenjika azy hatramin'ny tanàna any ivelany koa aza". (Asan'ny Apostoly 26 : 10, 11). Tsy nampisalasalala azy akory ny nilaza hoe : "Tonga tety ambonin'ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota, ary amin'ireny izaho no lohany"(I Timoty 1:15) (Ny dia ho eo amin'ny Kristy p.38).....;"

Na dia ao anatin'ny fikomiana aza isika dia mahita fomba hanatrarana antsika foana Andriamanitra, hanatanterahany ny planiny ho famonjena antsika.

Ny dingana manaraka dia ny fanoloran-tena tanteraka ho an'Andriamanitra. "Ary ny mpanjaka nitsangana teo amin'ny fitoeran'Andriana, dia nanao fanekena teo anatrehan'i Jehovah anaraka Azy sy hitandrina ny lalàny sy ny teni-vavolombelony ary ny didiny amin'ny fony rehetra, hankatò ny tenin'ny fanekena syizay voasoratra ao amin'izany boky izany" (2Mpanj. 23:3).

Rehefa nanontany ny mpaminanivavy Holda ny mpanjaka dia fantany tsara ny toe-panahy nananan'ny Israely. Fantany fa misy loza mitatao ao ambonin'ilay firenena ho fitsarana noho ny fihemorany naharitra ela. Ny hafatra nampitain'ity mpaminanivavy ity dia nanome toky fa hianoka ao anaty fiadanana maharitra, mandritra ny fotoana rehetra hanjakany ny mpanjaka. Ilay fitsarana voambara dia tsy hilatsaka amin'Israely raha tsy aorian'ny fahafatesan'ny mpanjaka.

Mazava sy voafaritra tsra ilay hafatra. Nanapa-kevitra ny hampivory ny firenena iray manontolo ny mpanjaka, tsy hampahafantatra azy ireo fotsiny ihany ny amin'ilay fitsarana ho avy, fa mba hanaovany antso farany ihany koa alefa amin'izany firenena izany. Notarihany hanavao ny fanekeny amin'Andriamanitra ny firenena; nanangtena izy, tamin'ny nanaovany izany, fa hivadika ny toe-javatra ka ho voavonjy Israely. Maneho ireto hevitra vitsivitsy ireto i Ellen G. White momba ny fanoloran-tena tanteraka ho an'Andriamanitra, amin'ny fampiasana teny mitovy amin'izay manambara ny fanavaozana ny fanekena tamin'ny andron'i Josoa: "....."

Maro no manontany hoe : "Ataoko ahoana no fanolotra ny tenako ho an'Andriamanitra? Ta-hanolo-tena ho Azy hianao, nefa tsy ampy herin-tsaina, andevozin'ny fisalasalana sady gadran'ny fahazaran-dratsy. Tahaka ny manda fasika ny fiaikenao sy ny fikasanao. Samy tsy hainao fehezina na ny sainao, na ny zava-mitaona anao, na ny fitiavanao. Ny fahalalanao fa tsy tanteraka ny fikasanao ary tsy lavorary ny fanekena, dia manalemy ny fitokiana amin'ny fahamarinan'ny tenanao, ka mahatonga anao hihevitra fa tsy mahay mandry anao Andriamanitra, nefa tsy tokony hamoy fo ianao. Izay tokony ho fantatrao dia ny tena herin'ny sitrapo.

Izany no mahafehy, na ny herin'ny toetran'olombelona, na ny herin'ny fanapahan-kevitra, na ny herin'ny safidy.

Miankina amin'ny herin'ny sitrapo ny zavatra rehetra. Efa nomen'Andriamanitra ny olombelona ny herin'ny safidy ka anjarany no mampiasa izany. Tsy hainao ny manova ny fonao, tsy hain'ny tenanao ny hanome ny fitiavanao ho an'Andriamanitra, nefa azonao atao ny mifidy hanompo Azy. Azonao omena Azy ny sitraponao ary amin'izay dia hiasa ao anatinao Izy amin'ny fikasana sy ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony. Koa dia ho tonga ao ambany fanapaha'ny Fanahin'i Kristy ny tena amam-panahinao rehetra ary dia hiompana aminy ny fitiavanao ary hifanaraka amin'ny Azy ny hevitrao. (ny dia ho eo amin'i Kristy p.44)

Na dia mahakasika ny tsirairay manokana aza ny fialàna amin'ny sitrapon'Andriamanitra, dia nahagaga kosa ny fiaraha-miasan'ny vahoaka tamin'ny mpanjaka Josoa. Niara-niasa tamin'ny mpanjaka izy ireo tamin'ny fandravana ireo sampy tsy hisy teo amin'izany tany sy firenena izany. Tsy misy mihitsy fanoherana na fitarainana voalaza eto. Nifanampy tamin'ny mpanjaka ny vahoaka tamin'ny fanoloana ny fanompoan-tsampy ho fanompoam-pivavahana marina tao amin'ny tempoly nohavaozina. Tsara ny fandraisana ny nahitana ilay bokin'ny lalàna; nekeny tsy nisy fanoherana ny tenin'ilay mpaminanivavy Holda. Novakiana teo anatrehan'ny vahoaka manontolo, antitra sy tanora, ilay boky. Nihaino ny Tenin'Andriamanitra, izay nafenina taminy nandritra ny taona maro tokoa, ny firenena iray manontolo. Mbola nafenina ny vahoaka ny Soratra Masina tamin'ny andron'i Josoa; ary nandritra ny taonjato maro taorian'io mpanjaka io dia nohamaizinina indray ny Tenin'Andriamanitra tany amin'ny faritra sasany.

Ohatra, ity taona 2017 ity no ankalazana ny nahaterahan'ny Fanavaozana ara-pivavahana rehefa napetak'i Martin Luther tamin'ny fantsika teo amin'ny varavaran'ny fiangonan'ny Wittenberg ireo foto-kevitra 95 hitany. Takona tao ambadiky ny fombafomba nandritra ny taona maro ny famakiana Baiboly talohan'ny Luther. Izy sy ireo mpanavao fivavahana hafa tamin'ny androny dia namerina ny fahalianan'ny olona ho amin'ny fandinihana ny Tenin'Andriamanitra indray;

Hita fa toa naniry ny ho voavonjy ireo vahoaka tamin'ny andron'i Josoa. Tahaka izany koa ankehitriny, araka ny voalazan'i Ellen G. White:

Mety ny faniriana ny tsara ny masina, nefa raha mijanona amin'izany fotsiny hianao dia tsy hisy asany na inona na inona izany. Maro amin'izay manantena sy maniry fotsiny ny ho Kristiana no ho very. Tsy mbola tapa-kevitra hanolotra ny sitrapony ho an'Andriamanitra izy. Tsy mbola nifidy ny ho tonga Kristiana izy.

Ny fampiasana ny sitrapo araka ny rariny, dia mety hampisy fiovana tanteraka eo amin'ny toe-piainanao Raha manolotra ny sitraponao ho an'i Kristy hianao, dia manolotra ny tenano hiandany amin'ilay hery izay izay ambony noho ny hery sy ny fanapahana rehetra amin'izao tontolo izao. Hahazo hery avy any ambony hanohana anao hiorina mafy hianao ary noho ny fanoloranao ny tenanao ho an'Andriamanitra lalandava dia ho hainao y mivelona amin'ny fiainana vaovao dia fiainana miantehitra amin'ny finoana. ....;”

Ny tantaran'i Josoa sy ireo torohevitra feno fahendrena ao amin'ny boky *Ny dia ho eo amin'i Kristy* dia manasa antsika mba ho tonga amin'ny fahalalana an'Andriamanitra. Ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra dia tena ilaina eo amin'ny fiainana sy ny asan'ny kristianina. Raha tsy misy izany, dia manjary mora mania isika, tahaka ny Israely rehefa nanenika ny firenena manontolo ny fihemorana. Ny fandinihana ny Soratra Masina sy ny ireo torohevitra hendry nomena ao amin'ny asoratra ny Fanahin'ny faminiana dia mitoetra ho zava-dehibe eo amin'ny asan'i Kristy, mba hanovàna fiainana sy hanomanana izany mba hiaraka Aminy mandritra ny mandrakizay.